


## NY RAFITRY NY SOKAJIN-DAHATSORATRA MITANTARA

| Tokony hanana **ireto fahalalana ireto** aho :<br>- endrika ivelan'ny lahatsoratra<br>- lafiny 3 famaritana ny tantara | Ary manana **ity fahaiza-manao ity** :<br>- mitantara an-tsoratra toe-javatra natrehina ka manaraka rafitra izany |
|---|---|

**Aorian'ny lesona dia afaka** mitantara an-tsoratra toe-javatra natrehina aho ka manaraka rafitra izany



### SAHANASA 1 : MAMAKY SARY AHO

- mijery sary aho
- inona avy no hita ao amin'ny sary tsirairay?
- inona ny hevitra ampitain'ny sary amin'ny ankapobeny?

### SAHANASA 2 : MITENY / MANORATRA AHO

**Famakiana ny sary**

- omeko anarana ireo mpandray anjara eo amin'ny sary sy ny mety ho rohim-pihavanan'izy ireo.
- mamorona fehezanteny iray avy isaky ny sary aho.
- ahoana ny fizotry ny tantara : ny toe-javatra niangana, ny toerana, ny fotoana, manao ahoana ny fivoaran'ny tantara ary niafara tamin'ny inona ?
- lazaiko ny fahitako ny endriky ny vondron-tsary rehetra
  → arafitro ho tonga lahatsoratra kely mitantara ireo fehezanteny tsirairay.

**Fandrafetana ny endrika ivelan'ny lahatsoratra**

- mampiasa voambolana isan-karazany aho hitantarako ny sary tsirairay

Toy ny matoanteny, mpamari-toetra, anarana, mpampitohy.

- ampiasaiko anaty fehezanteny fohy sady misy heviny ireo voambolana ireo.
- manoratra **andininy** 1° aho → misy fehezanteny 3, manaraka ny fozotran'ny sary ny tantara.
- manoratra **andininy** 2° aho → misy hevitra 4, manaraka ny fozotran'ny sary.
- ahitana ireto rafitra ireto : Toe-java-niseho/ Fivoaran'ny tantara /Fiafarany.

**Fampisongadinana ny rafitra**

→ toe-javatra iaingana, iafarana, manelanelana sy ny singa mpanova

### SAHANASA 3 : MANITATRA AHO

Atao loa-bary an-dasy


- inona no manavaka ny lahatsoratra mitantara amin'ny lahatsoratra manoritsoritra ?
- hitariko amin'izay mety hanohizana azy io tantara io.



### SAHANASA 4 : MAHAY AHO VE ?

- mamorona lahatsoratra mitantara toe-javatra iray natrehina aho, ka asongadina ao ny lafiny 3 mamaritra ny tantara – ataoko anaty fehezanteny 10 eo ho eo.

IREO NAMOLAVOLA
RASOANIRINA Zafy Clairentine - CEG Ankisaka, FILEMONT - CEG Ambodiamontana Kianga,
RAVELOMIHEVITRA Joslin Fredon - CEG Tsaratanana (CISCO Mandritsara)




IREO NAMOLAVOLA

RASOANIRINA Zafy Clairentine - CEG Ankisaka, FILEMONT - CEG Ambodiamontana Kianga,
RAVELOMIHEVITRA Joslin Fredon - CEG Tsaratanana (CISCO Mandritsara)